MINISTERE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
ET DE LA RECHERCHE SCIENTIFIQUE
SECRETARIAT GENERAL
DIRECTION GENERALE DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR
**DIRECTION DE L'ENSEIGNEMENT SUPERIEUR PUBLIC et PRIVE**
Service d'Appui au Baccalauréat

BACCALAUREAT DE L'ENSEIGNEMENT GENERAL

grandprof.net

SESSION 2015

A

| | | | |
|---|---|---|---|
| **Série** | : A | **Epreuve de :** | MALAGASY |
| | | **Durée :** | 03H30 |
| **Code matière :** | 005 | **Coefficient :** | 4 |

✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲✲

N.B. : - Tsy maintsy atao ny laza adina I
- Isafidianana ny laza adina II

**LAZA ADINA I : Tsy maintsy atao** **(Isa 6)**

1°) Milazà mpandray anjara mpanampy telo (3) ao amin'ny tantara foronina Vakivakim-piainana, nosoratan'i Iharilanto Patrick Andriamangatiana.

2°) Manomeza ohabolana telo (3), ka :
- Iray momba ny tsiny.
- Iray momba ny tody.
- Iray momba ny vintana.

**LAZA ADINA II : Isafidianana ny A sy ny B** **(Isa 14)**

A - **FAMAKAFAKAN-KEVITRA** :

Hoy RANDRIAMAROLAZA Louis Paul : « Ny anjaran'ny olona amin'ny ankapobeny dia miankina amin'ny tenany ihany ».

Fakafakao sy tsikerao.

B – **FANADIHADIANA LAHATSORATRA** :

Ny mpanoratra dia mpanabe sady mpampianatra. Noho izany, tompon'andraikitra amin'ny fanolokoloana ny sain'ny Malagasy izy. Koa mampahatsiahy azy ireo izahay hoe : efa mba voafaritrao poeta, ianao mpanoratra ve ny sakafon-tsaina natolotrao ny Malagasy ? Anananao andraikitra izany.

Zava-bahiny tsy antonona ny toe-batany no nasainao nateliny ka mankarary ny ambavafony, ianao anefa tsy mety hitrandraka zava-malagasy mampangetaheta azy.

Impiry ianao no nieritreritra fa ny tsy fahaizana mandanjalanja avy aminao no mety mamorika ny sain'ny Malagasy, izay efa miharatsy rahateo ? Ianao poeta, ianao mpanoratra, lalana mankaiza no isarihanao ny sain'ny Malagasy ?

Ianao no mpitari-dalana ka tsy ny fanafoanana izay efa tsara akory no fanagasiana, fa ny fanandratana izay maha Malagasy eo amin'ny toerana avo…

Ranoë
Fifandraisana sekoly FJKM n°2 -Fihavanana

Hadihadio io lahatsoratra io.

o o o o o o o o o o o o o o o o o o o o o o o o